REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

MINISTERE DE L'INTERIEUR ET DE LA DECENTRALISATION

TARI-DALANA FAMETRAHANA NY FEHEZAM-PITSIPIKA MOMBA NY RANO, FANADIOVANA SY FIDIOVANA HO FIKOLOAM-PAHASALAMANA

ENY ANIVON'NY KAOMININA

FANOROANA PEJY

FIVELARANY SY VOTOATINY ARAKA NY LALANA …….…… 03

SEHATRA ARA-TEKNIKA …….…… 03

FIVELARANA ARA-PARITRA ……..…….…… 04

I. IREO ASA MIALOHA TOKONY HO TANTERAHINA …… 04

II. DINGANA FAMOLAVOLANA ……..…. 04

1. NY VOTOATINY ARA-TEKNIKA ……..…… 04

2. NY VOTOATINY ARAKA NY LALANA ……..…… 05

III. DINGANA FANKATOAVANA …….. 06

IV. DINGANA FANAPARIAHANA SY FAMPIELEZANA ……... 06

V. DINGANA FAMPIHARANA …….. 06

TOVANA ……. 07

Natao ity torolalana ity mba handrindrana ny fiainan'ny mponina, hanajana ny maha-olona ary hampilamina ny tontolo iainana, ahafahana manatsara hatrany ny fahasalamambahoaka.

Ny fehezam-pitsipika mifehy ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana dia rijan-dalàna natao mba hamaritana sy hametrahana didy aman-dalàna hifehezana sy hitandroana ary hamerenena amin'ny laoniny ny filaminam-piarahamonina eny anivon'ny Kaominina.

Tsapa fa vitsy dia vitsy ireo Kaominina manana io fehezam-pitsipika io eto Madagasikara ary azo lazaina fa mbola marefo ny rafitra misahana manokana ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana. Zava-dehibe ho an'ny Kaominina tsirairay araka izany ny fananana ity fehezam-pitsipika ity mba iantohana ny filaminam-piarahamonina amin'ny lafiny rehetra.

Ny tanjona apetraka dia ny hoe ny mponina rehetra dia mahalala sy mahafantatra ny fisiana sy antom-pisian'io fehezam-pitsipika io ary mampihatra azy avokoa.

Ireto avy ireo dingana voarakitra amin'ity torolalana ity :

- Dingana famolavolana
- Dingana fankatoavana
- Dingana fanapariahana
- Dingana fampiharana

Ny fehezam-pitsipika modely momba ny Rano, ny Fanadiovana, sy Fidiovana dia efa nampahafantarina ara-pomba ofisialy ary efa miroso ny fanapariahana izany manerana ireo Kaominina. Noho izany dia, izy ireo no handrafitra ny fehezam-pitsipika manokana ho azy ireo izay mifanaraka amin'ny zavamisy any an-toerana.

Kendrena araka izany ny hifandraisan'ny tranga misy eny amin'ny Kaominina sy ny vontoatin'ny fehezam-pitsipika amin'ny maha Kaominina Ambanivohitra na Ambonivohitra azy.

Fivelarany sy ny votoatiny araka ny lalàna:

Momba ny lafiny araka ny lalàna dia tontosaina mialoha ny fanangonana ireo lafin-dalàna rehetra misy mahakasika ny lohahevitra (ohatra: tokony ifanindrandalana amin'ny lalàna hafa toy ny lalàna momba ny Vondrombahoaka Itsinjarampahefana, ny momba ny fahasalamana ary ny momba ny ady heloka sns…).

Ilaina ny fiaraha-miasa akaiky sy matotra miaraka amin'ireo Ministera voakasika izany.

Mba hahafahana mamaritra ny fetran'ny sazy ara-panjakana, dia hajaina sy arahana ny voalazan'ny andinin-dalàna laharana faha 2005-041 momba ny ady heloka.

Ankoatra izany dia ilaina ihany koa ny mampifandrindra ny fehezandalana momba ny Rano, ny Fanadiovana, sy Fidiovana manoloana ny didy aman-dalàna mikasika ny fitantanana eny ifotony.

Eo amin'ny dingana fankatoavana koa dia hajaina ny rafitra efa misy : toy ny rafitra mpanantanteraka eny anivon'ny Kaominina araka ny lalana laharana faha 2014 -020 momba ny Vondrombahoaka andininy faha 42, sy ny didim-panjakana laharana faha 2015 – 960 andininy faha 37 sy ny faha 42 izay manambara fa ny Ben'ny Tanana no tomponandraikitra voalohany amin'ny fitandroana ny filaminam-bahoaka eo anivon'ny Kaominina.

Ny rafitra mpanolotsaina no mandany ny tetibola , ny sazy ara-panjakana sy ara-bola eny anivon'ny Kaominina.

Sehatra ara-teknika:

Teboka telo lehibe no asongadina eto:

- Filaminam-bahoaka momba ny fitandroana ny tsy iparitahan'ny loto eny anivon'ny toeramponenana, ny trano fidiovana sy fivoahana amin'izany, ny tsena, ny fahasalamam-bahoaka (mifandraika amin'ny ady atao amin'ny valan'aretina isankarazany) ;
- Filaminam-bahoaka momba ny fahanginana: ny kotaba avoakan'ny orinasa, ny kotaba amin'ny alina toy ny fety sns…
- Filaminam-bahoaka momba ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany: fikajiana sy famehezana ny fitantanana ny lalambahoaka, toy ny lalankelysy ny lalan'ny mpandeha tongotra.

<u>Fivelarana ara-paritra</u> :

Zavadehibe ny fampandraisana anjaran' ny olom-pirenena tsirairay avy sy ny vondron'olona ifotony mandritra ny dingana arahina amin'ny fametrahana ity fehezam-pitsipika ity.

I. IREO ASA MIALOHA TOKONY HO TANTERAHINA

- Fampahafantarana ny maha-zava-dehibe ny fehezam-pitsipika mahakasika ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana: fanentanana samihafa, fivoriam-be ary atrikasa ;
- Fitsirihana ireo mpisehatra rehetra eny anivon'ny rafitra isan'ambaratongany toy ny Ben'ny Tanana, Mpanolotsaina Kaominaly, SLC, Sefo Fokontany, Vaomieran'ny Fahadiovana, Mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiarahamonina, Quartier Mobile, ny Fokonolona… ;
- Fananganana Komity mpandrindra ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana
- Famaritana ny paik'ady sy ny drafi-panatontosana ny asa rehetra ho atao ;
- Famantarana ny ho enti-manana rehetra anatontosana amin'ny antsakany sy andavany ny asa ho atao ary famaritana ny tohana mety ho ilaina rehetra.
-

II. DINGANA FAMOLAVOLANA

1. NY VOTOATINY ARA-TEKNIKA

- Fivoriana sy fakankevitra amin'ireo mpisehatra, vondron'olona ifotony eo anivon'ny Kaominina arahina fampahafantarana ny maha-zava-dehibe ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana, ary ny dingana arahina amin'ny fandrafetana ny fehezam-pitsipika ;
- Fivoriana fampahafantarana, fanomanana sy fanofanana ary fandaminana miaraka amin'ny lehiben'ny Fokontany sy ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha (SLC);
- Fizahana ny zavamisy eny ifotony, ny olana mianjady, mba hahafahana mandray fanapahan-kevitra fisorohana na fanasaziana raha toa ka ilaina izany ;
- Fikarohana manokana ireo atontan-kevitra fameno sy ny didy aman-dalàna manankery ;
- Fivoriana fanehoana ny asa vita sy famakafakana ny zavamisy;
- Famondronana ireo atontan-kevitra izay voaangona sy vita fandalinana;
- Fandrafetana voalohany ny fehezam-pitsipika ataon'ny komity mpamolavola;

- Fanangonana ireo fanamarihana sy fanatsarana voaray avy amin’ny mpisehatra;
- Fivoriana fanehoana ny drafitra voalohany nohatsaraina;
- Fivoriambe fankatoavana ;
- Famaranana ny fandrafetana ny fehezam-pitsipika.

Fanehoana ny volavolan-kevitra voalohany sy ireo tolo-kevitra miaraka amin’ny:

- Ben’ny Tanana sy ireo mpiara-miasa aminy;
- Mpanolontsaina Kaominaly;
- Sefo Fokontany ;
- Rafitra ifotony fikaonandoha na SLC;
- Sampandraharaham-panjakana Ifotony na STD ;
- Sampandraharaha misahana ny Rano, ny Fahadiovana, sy Fidiovana na STEAH;
- Ny tompon’andraikitra ara-teknika ny Rano, ny Fahadiovana, sy Fidiovana na ATEAH;
- Ny vaomieran’ny Fahadiovana ;
- Ireo vondron’olona samihafa.

2. NY VONTOATINY ARAKA NY LALANA

- Fakan-kevitra eo anivon’ny solotenan’ny vahoaka sy ireo solotenan’ny vondron’olona eny ifotony ary ireo Kaominina hafa manodidina ;
- Fakan-kevitra atao amin’ireo rafitra na olona manam-pahaizana manokana momba ny lalana ;
- Famaritana ireo tomban’ny lamandy ;
- Famaritana ireo tompon’andraikitra manokana misahana ny fanasaziana ;
- Fahazoana fanapahana ataon’ireo Mpanolotsaina Kaominaly momba ny famaritana ny lamandy hapetraka ;
- Famerana ny lamandy ;
- Fampidirana ao anatin’ny rijan-dalana ireo sokajy mifandraika amin’ny fanasaziana izay voalaza ao anatin’ny fehezam-pitsipika.

III. DINGANA FANKATOAVANA

- Fankatoavana eo anivon'ny Komity mpamolavola ny fehezam-pitsipika.
- Fankatoavana eny anivon'ny mpisehatra sy vondron'olona eny ifotony (Ratsa-mangaikan'ny Kaominina : SLC, AC, CR, FOKONTANY…) arahina adisisika (Plaidoyer).
- Fankatoavana eny anivon'ny Mpanolotsaina Kaominaly.
- Hampandalovina eo anatrehan'ny lehiben'ny Distrika mba hanatontosana ny fitsirihana ny fanarahan-dalana.
- Fandrafetana ny didim-pitondrana.
- Famoahana ny didim-pitondrana.

IV. DINGANA FANAPARIAHANA SY FAMPIELEZANA

- Dingana fampahafantarana sy fanapariahana ny fehezam-pitsipika mahakasika ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana ;
- Fanofanana ireo antanan-tohatra rehetra toy ireo solontena isam-pokontany, ireo sampandraharaha voakasiky ny RFF
- Fitsinjarana ny andraikitry ny tsirairay ;
- Famolavolana ny drafitra fanapariahana ;
- Fandrafetana sy famolavolana ireo fitaovana ho enti-mampahafantatra sy mampiely ny fehezam-pitsipika;
- Fametrahana paikady fanaraha-maso ny asa fanapariahana sy ny fivoaran'ny zavamisy.

V. DINGANA FAMPIHARANA

Marihina etoana fa ny fehezam-pitsika momba ny fikoloam-pahasalamana dia natao indrindra mba handrindrana sy hitazomana ary handaminana ny Fiaraha-monina ka hahatonga ny fiovam-pihetsika sy fiovam-pomba amam-panao. Ny fanasaziana dia ho fampiharana amin'ny maha rijandalàna azy rehefa misy ny fandikàna tsy voavaha.

Ireto avy ireo dingana hirosoana amin'izany:

- Fampahafantarana, fanentanana, fampielezana momba ny sokajy fandikan-dalàna sy ny vonodiana mifandraika amin'izany ;
- Fanendrena sy fametrahana ireo tomponandraikitra hisahana ny fampiharana ny fehezam-pitsipika;
- Fandrafetana ireo fitaovana enti-miasa amin'ny fampiharana ny fehezam-pitsipika;
- Fandrafetana ireo dingana hampiharana ny fehezam-pitsipika :

- Fandraisana taratasy fitarainana an-tsoratra avy amin'ny manodidina, na fampandrenesana avy amin'ny tompon'andraikitra, na bemidina ara-potoana ;
- Fidinana ifotony sy fitanana an-tsoratra miampy ny fandraisan'ireo tompon'andraikitra ny andraikitra tandrify azy eo no eo (fampiantsoana na fampitandremana);
- Fanarahamaso ny fampiharana ireo toromarika voaray tamin'ny fidinana voalohany : fampiharana ny sazy raha toa ka tsy nanaraka ny toromarika voalaza teo ambony momba ny fitarainana, fampitsaharana ny fanenjehana raha toa ka nanaja ny toromarika;
- Fampiakarana ny raharaha eny anivon'ny Tribonaly misahana ny ady madio raha toa ka miverimberina ny fandikan-dalana na fitsipahana ny fehezam-pitsipika mihitsy ;

- Fanajana ireo dingana arahana amin'ny fampiharana ny fehezam-pitsipika ;
- Fametrahana ireo fepetra fanohanana ilaina amin'ny fampiharana ny fehezampitsipika;
- Fametrahana ireo paikady fanaraha-maso sy fampiharana ny fehezam-pitsipika;
- Fametrahana ireo paik'ady handaminana ireo fitarainana tonga.

TOVANA

- Modely fitanana antsoratra
- Modely fampitandremana
- Modely fiantsoana

MODELY FITANANA ANTSORATRA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana – Fandrosoana

ooOoo

COMMUNE .....

****

MAIRE

****

ADJOINT AU MAIRE CHARGE DES AFFAIRES

SOCIO-CULTURELLES ET ECONOMIQUES

****

FITANANA AN-TSORATRA

Lalàna ampiharina: Didim-pitondrana laharana faha ..... tamin'ny ..... notovanana sy nasiam-panovana tamin' ny didim-pitondrana laharana ..... ny ..... sy ny laharana ..... ny .....

And.....

NY INSPECTEURS NANAO NY ASA

-

-

-

ANTONY:

MPITARAINA:

ITARAINANA:

FILAZANA NY ZAVA-MISY ANKAPOBENY:

Ny taona iraika amby roapolo sy roa arivo, ny.....tamin'ny ..... ora sy ..... minitra.

Izahay Mpizaha fototra voalaza anarana etsy ambony dia nidina teny amin' ny Fokontany ..... lot ..... nanao ny fanadihadiana sy fitsirihana ny fitarainana laharana faha ..... tamin'ny .....

Ka toy izao ny zavatra hita tamin'izany

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

FEPETRA NORAISINA

.....

.....

.....

.....

.....

MODELY FAMPITANDREMANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana
----oOo----

Daty …….

INSPECTEURS D'HYGIENES VITA FIANIANANA

COMMUNE ……
****
MAIRE
****
ADJOINT AU MAIRE CHARGE DES AFFAIRES SOCIO-CULTURELLES ET ECONOMIQUES
****
DIRECTION DE L'EAU, DE L'ASSAINISSEMENT ET DE L'HYGIENE
****
SERVICE PROMOTION DE L'HYGIENE
****
INSPECTEUR D'HYGIENE

FAMPITANDREMANA Lah……
AVERTISSEMENT N°……
Amin'Atoa/Rtoa……
à M/Mme…….....
Monina ao …….
Demeurant à…….....

Ny manao sonia eto ambany : ……, Mpizaha ifotony vita fianianana
Les soussignés……, *Inspecteurs verbalisateurs*
Dia nahita fa ……
Ont constaté ……
Izany toe-javatra izany dia mifanohitra amin'ny Lalàna mifehy eto Antananarivo araka ny didim-pitondrana monisipaly laharana …… ny ……., notovanana sy nasiam-panovana tamin'ny didim-pitondrana laharana …… ny …….. sy ny laharana …… lohateny…….. toko……..sokajy……Andininy…….
Le fait constitue une contradiction suivant arrêté municipal N° ……., modifié et complété par les arrêtés municipaux N°…… et N°…… titre…….. chapitre……..section……..article……
Ny manao sonia eto ambany dia mampitandrina anao hanafoana izany fandikan-dalàna izany ka :……
Les soussignés vous avertissent à faire disparaître cette contravention à :……
Ao anatin'ny ……andro.Rehefa tapitra izany fetr'andro izany dia hampihatra ny sazy araka ny lalàna izy.
Dans le délai de……..jours, passé lequel il appliquera les sanctions selon les procédures.

Ordre de mission N°_____ du _____

Daty ……
IREO MPIZAHA IFOTONY VITA FIANIANANA

NEKENA
Reconnu(e) par l'intéressé

LES INSPECTEURS VERBALISATEURS

MODELY FIANTSOANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana- Fandrosoana
****

COMMUNE ……..
****
MAIRE
****
ADJOINT AU MAIRE
****
DIRECTION DE L'EAU, DE L'ASSAINISSEMENT ET DE L'HYGIENE
****
N°……..

Izaho :……

……

Androany :……

Dia naharay ny fiantsoana ahy :

Lah:……..

Daty iantsoana :……../……../……

Taratasy entina……

……

Antananarivo faha…….

SONIA

Signalement N°……du……

Dossiers N°……du……

OM N° ……..du……

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
****

COMMUNE ……
****
MAIRE
****
ADJOINT AU MAIRE
****
DIRECTION DE L'EAU, DE L'ASSAINISSEMENT ET DE L'HYGIENE
****
N°…….

FIANTSOANA

Atoa/Rtoa :……..

Adiresy :……

Antsoina ianao ho tonga eto amin'ny ……

Ny :……../……../……..amin'ny……ora sy…….mn fa misy ilaina anao mahakasika ny ……..

Ento ny kara-panondro…….

Raha misy tsy fahafahanao dia tsy maintsy mandefa solon-tena iray.

Antanarivo faha……

INSPECTEURS VITA FIANIANANA

Anarana feno sy sonia IH

Dossier N° ……du……

OM N° ……..du……

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana- Fandrosoana
****

COMMUNE ……..
****
MAIRE
****
ADJOINT AU MAIRE
****
DIRECTION DE L'EAU, DE L'ASSAINISSEMENT ET DE L'HYGIENE
****
N°……..

Izaho :……

……

Androany :……

Dia naharay ny fiantsoana ahy :

Lah:……..

Daty iantsoana :……../……../……

Taratasy entina……

……

Antananarivo faha…….

SONIA

Signalement N°……du……

Dossiers N°……du……

OM N° ……..du……

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
****

COMMUNE ……
****
MAIRE
****
ADJOINT AU MAIRE
****
DIRECTION DE L'EAU, DE L'ASSAINISSEMENT ET DE L'HYGIENE
****
N°…….

FIANTSOANA

Atoa/Rtoa :……..

Adiresy :……

Antsoina ianao ho tonga eto amin'ny ……

Ny :……../……../……..amin'ny……ora sy…….mn fa misy ilaina anao mahakasika ny ……..

Ento ny kara-panondro…….

Raha misy tsy fahafahanao dia tsy maintsy mandefa solon-tena iray.

Antanarivo faha……

INSPECTEURS VITA FIANIANANA

Anarana feno sy sonia IH

Dossier N° ……du……

OM N° ……..du……